“Allah mamehy ny tany sy mamehy ny lanitra amin’ny tànany ankavanana, dia hoy Izy : Izaho no Mpanjaka, aiza ireo mpanjakan’ny tany?”

Tatitra azo avy amin'i Abou Horaira (R.A) niteny hoe : Izaho dia nandre an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : “Allah mamehy ny tany sy mamehy ny lanitra amin’ny tànany ankavanana, dia hoy Izy : Izaho no Mpanjaka, aiza ireo mpanjakan’ny tany?”
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Manambara ny Mpaminany (S.A.W) fa amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty, dia haka ny tany ary hanangona azy i Allah, ary hamoritra ny lanitra amin'ny tànany ankavanana, ary hamoritra sy hamadibadika azy amin'ny lanitra sasany ka ho levona, avy eo dia miteny izy hoe : Izaho no mpanjaka, aiza ireo mpanjakan'ny tany?

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65028